FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**FAMPITAM-BAOVAO**

**Tanàn'Antsiranana : fotodrafitrasa maro ho taratry ny fampandrosoana**

Nitohy hatrany ny fitsidiham-paritra nataon'ny filoha Andry Rajoelina ka nihazo ny faritra avaratry ny nosy ny tenany androany 22 may 2019. Raha avy nitsidika ny faritra SAVA ny filoham-pirenena dia nijanona ao Antsiranana miaraka amin'ny Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny governemanta hanatanteraka ny filankevitry ny ministra voalohany ivelan'Antananarivo. Nandritra ny fihaon'ny filoha Andry Rajoelina tamin'ny vahoakan'Antsiranana dia nanamafy hatrany ny velirano nataony izy dia ny tsy maintsy hananganana sy hanarenana ireo fotodrafitrasa ho fampandrosoana ny faritra. Efa misy ny asa efa natomboka toy ny fanamboarana ny lalana Ambilobe-Vohemar, ary efa eo am-pela-tanana ny famatsiam-bola entina hanamboarana ireo fotodrafitrasa maro ao an-toerana toy ny lalana RN6, ny fanarenana ny hopitaly, ny tsena, ny kianja fanaovana fanatajahan-tena ary ho fanatsarana ny endriky ny tanàna ankapobeny. Nasian'ny filoha Andry Rajoelina tsindrim-peo manokana ihany koa ny momba ny fandaharanasa Fihariana izay entina hanampiana ireo tanora miditra ao anatin'ny sehatry ny fandraharahana mba hahafan'izy ireo mandray anjara feno amin'ny fampandrosoana ny firenena. Tsy hitsanga-menatra isika hampandroso ity firenentsika ity mba ho reharehantsika rahatrizay i Madagasikara hoy ny filoha Andry Rajoelina.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
22-05-2019